Ny Valosoa sy hadihady

Fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pitantanana

Lasa tompo-menakely tsy refesi-mandidy ireo governoran'ny Faritra

Tena mbola ao anatin'ny hamehana ara-pahasalamana marina isika, ka mitantana ny Firenena amin'ny alàlan'ny didim-panjakana izao fitondrana izao. Maro loatra ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana nataon'ity fitondrana ity ary mitohy izany hatramin'izao, ka manao izay tiany atao ireo nampindramina fahefana ireo. Efa tsy ara-dalàna ny nanomezana anarana "governora" izay tsy maintsy voafidim-bahoaka ary "Lehiben'ny Faritra", no iantsoana azy araka ny Lalàmpanorenana ihany koa. Vonjimaika ihany, hono, ny niantsoana ireo ho "governora" hoy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana teo aloha. Mbola nanamafy anefa ity andrim-panjakana ity, fa tokony ho natao haingana ny fifidianana, ny tsy ampy kanefa tena zava-dehibe dia ny tsy namerana ny fepotoana iasan'ireto governora ireto, hany ka miitatra toy ny sima misioka na ny fahefana omena azy na ny fotoana iasany. Vao tamin'iny herinandro lasa iny, nandritra ny fivorian'ny filankevitry ny minisitra, dia nampitomboina indray ny fahefan'ny governora. Tsara ho fantatra fa ao anatin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (Collectivité territoriale décentralisée) ny Faritra ary voafaritra mazava tsara ny andraikitry ny ambaratongam-pitantanana ao anatin'izany. Tsy eken'ny lalàna ny fifanitsahan'andraikitra ity rafitra ity amin'ny an'ny fanaparitaham-pitantanana (Comité Technique déconcentré) toy ireo sampan-draharahan'ny minisitera any amin'ny Faritra na Faritany. Ny didim-panjakana nivoaka tamin'ny fivorian'ny filakevitry ny minisitra farany anefa dia mampifangaro ireo andraikitra sy fahefana ireo, ka ny governora no lasa mibaiko ny eo anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy ny fanaparitaham-pitantanana. Araka izany dia toa lasa faritra mizaka tena (région autonôme) no mijoro ankehitriny, ka toa maka tahaka ny faritany mizaka tena (province autonôme) tamin'ny 2002 no ataon'izao fitondrana izao, na toy ny nataon'ny mpanjanaka tamin'ny fanjanahantany. Manaporofo izany ny ataon'ireo governora izay tena manjakazaka tokoa ary midehaka fa ny fahefana nomen'ny filohan'ny Repoblika azy no hampihariny izay toa midika ihany koa fa tompomenakely izy ireny. Tsy mazava intsony na anisan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana na ao anatin'ny fanaparitaham-pitantanana no misy ny governor, ka ny vahaolana amin'izao toe-draharaha izao dia ny fanatanterahana ny fifidianana ny lehibe sy ny filankevitry ny Faritra na manova sy mifidy Lalàmpanorenana vaovao mifanaraka amin'izany làlantsaina izany. Niverina avy namonjy ny fivoriana an-tampon'ny SADC ny filohan'ny Repolika kanefa tsy nisy fantatry ny Malagasy izay voandàlana nentiny avy any, fa tonga dia nihazo an'i Toamasina izy nijery ny fandroson'ny asa "Miami". Lasa any Parisy indray hamonjy ny fivorian'ny mpandraharaha, izany hoe handresy lahatra ireo mpisehatra eo amin'ny fampiasam-bola hampiasa izany eto Madagasikara, kanefa ny sisintany mbola mikatona, mbola mihàtra ny hamehana ara-pahasalamana ary fantatry ny any ivelany fa tsy misy loatra, na azo lazaina fa tsy misy mihitsy ny antoka eo amin'ny fampiasam-bola eto, satria ny orinasa malagasy aza potehina rehefa tsy mety amin'ny mpitondra ny firehana ara-politikan'ny tompon'ny orinasa. Angamba azon'ny mpitondra hatao ny mampanantena raha toa ka azony antoka, fa misy kopaka isasahana amin'izany. Ireo orinasa vahiny miasa eto mantsy dia mikaikaika tokoa amin'ny fitakiana vola ataon'ny fitondrana aminy. Ny mpandraharaha malagasy torak'izany, satria hampiakarina izay tsy izy ny hetra kanefa ny orinasa tsy mihodina araka ny tokony ho izy, ka voatery mampiato ara-teknika ny mpiasa ny tompon'ny orinasa. Mahalasa saina tokoa ny nandanian'ny depiote vitsy, azo nisaina amin'ny rantsan-tànana ilay "fonds souverain", izay tsy misy manao izany eran-tany raha tsy ireo firenena manana ambim-bava eo amin'ny harinkarena. Maizina tanteraka araka izany ny fiavian'ny vola hamatsina ity tetibola ho an'ny fiadidiana ny Repoblika ity, satria lazaina fa entina manatanteraka ny tetikasan'ny filohan'ny Repoblika izany vola izany. Tsy ny habetsahan'ny delegasiona nandeha any amin'ny renivohitr'i Frantsa no milaza inona, fa fantatry ny mpandraharaha any ivelany ny toe-draharaha misy eto Madagasikara, ka azo antoka fa tsy hisy ho sahy hanao vy very ny volany amin'izany. Mety hanana fihetsehampo halahelo noho ny raharaha "Apollo 21" angamba ny vazaha, ka mety ho avy handray anjara amin'ny fampivoarana ny fiainam-pirenena eo amin'ny sehatra misy, ny ampitso no hamaly izany.

Andry Tsiavalona

Préfet de police an'Antananarivo sy Vazahabe

Mikasa hanala mpanolotsainan'ny tanàna miisa 10

Mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo miisa 10 amin'izao fotoana no kasain'ny Préfet de police an'Antananarivo, ny jeneraly Ravelonarivo Angelo, sy ny ben'ny tanàna Vazahabe : Naina Andriantsitohaina ho esorina. Nandefa taratasy ho an'ny filohan'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana : Tribunal Administratif, ny Préfet de police ny tanànan'Antananarivo, mangataka ny fanesorana sy ny fanoloana mpanolotsain'ny tanàna miisa 10 ny tenany. Anisan'izany ny mpanolotsaina Toavina Ralambomahay (Komba), Clémence Raharinirina (IRK) ary mpanolotsaina TIM miisa 8.

Tsy fanatrehana fivoriana in-telo misesy no voalaza, fa anton'izao fanapahan-kevitra izao. Arak'izany, tsy ny fampandrosoana ny tanànan'Antananari vo no mahamaika ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), fa fanalana mpanolotsaina izao. Izany hoe: izay tsy mitovy hevitra na sahy mitsikera ny zavatra tsy mety ataon'i Vazahabeny izany dia tsy sasatra no torian'izy ireo ary tonga amin'izao fangatahana fanalana mpanolotsaina izao, izay marihina fa voafidim-bahoaka. Handrasana ny tohin'ity raharaha ity, satria inoana, fa tsy hanaiky mora an'izao fanesorana azy ireo izao, ireto mpanolotsaina lanim-bahoaka ireto.

Stefa



MINISTERE DE L'INTERIEUR ET DE DECENTRALISATION
PREFECTURE DE POLICE D'ANTANANARIVO

Antananarivo, le 19 AOUT 2021

LE PREFET DE POLICE D'ANTANANARIVO

à

Monsieur Le PRESIDENT DU TRIBUNAL ADMINISTRATIF

- ANTANANARIVO -

19 AOUT 2021

N 732-MID/PREF.POL/A.G.

OBJET : Demande d'exclusion et de remplacement des Conseillers Municipaux.

Monsieur Le Président,

Suite aux constatations d'absence lors de la tenue des trois (03) sessions consécutives du Conseil Municipal dont les personnes citées ont bien reçu leurs convocations à temps et après transmission de demande d'explication auprès d'eux, les réponses furent irrecevables.

De surcroit, selon les dispositions de l'Article 75 de cette même : « La session budgétaire pour chaque Collectivité territoriale décentralisée est fixée comme suit :- au cours de la deuxième quinzaine du mois d'aout, pour la Commune ; (...) » ;

En effet, vu l'urgence impérieuse quant à la convocation des Conseillers Municipaux pour la tenue de la session budgétaire pour l'Année 2022 ;

Ainsi, La Préfecture de Police d'Antananarivo sollicite l'exclusion et le remplacement de huit (08) conseillers élus sous la couleur du parti « TIAKO I MADAGASIKARA », un (01) conseiller élu sous la couleur du parti « KOMBA » et un (01) conseiller issu du parti « IRK » suivant les faits cités supra qui entrave aux projets de développement de la Commune Urbaine d'Antananarivo, et ce , suivant l'article 95 de la loi 2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attribution de leurs organes qui stipule clairement « *Tout membre du Conseil qui, sans motif légitime et valable reconnu par le Conseil, n'a pas participé à trois sessions consécutives, peut après avoir été invité à fournir ses explications, être exclu du Conseil pour le restant de son mandat. Ces absences sont constatées par une mention sur le registre destiné à recevoir les procès-verbaux du Conseil. Le Président du Conseil en informe le Chef de l'exécutif, et ce dernier transmet le rapport y afférent au Représentant de l'Etat territorialement compétent, lequel saisit la juridiction administrative compétente.* »

Ny fitoriana nalefan'ny Préfet de police an'Antananarivo, any amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana.

Fitsidihan-dRajoelina any Frantsa

Diaspora fôpla no naseho

Mitsidika ny any Frantsa amin'izao fotoana ny filoha Andry Rajoelina, hanatrika ny fihaonana eo amin'ny mpandraharaha avy amin'ny tany miteny Frantsay, sy ireo mpandraharaha any Frantsa mivondrona ao amin'ny MEDEF: Mouvement des Entreprises de France. Voalaza fa hisy ihany koa ny fihaonany amin'ireo Malagasy monina any ivelany, na dispora Malagasy any an-toerana. Raha ny diaspora nasehon'izy ireo an-tsary tamin'ny tambazotran-tserasera sosialy ny faran'ny herinandro teo araka ny nambaran'ireo Malagasy tena mipetraka any ivelany, tsy Malagasy tena monina any an-dafy ireo naseho an-tsary, fa diaspora fôpla, tsy tena izy araka ny fitenin-jatovo, voalaza fa staff, na ireo mpiara-miasa amin'ny filoha, sy ny tale misahana ny tetikasan'ny filoham-pirenena avy aty an-tanindrazana izy ireo. Mamita- tena ny filoha sy ny mpiara-dia aminy, hoy ireo diaspora miara-dia amin'ny mpanohitra any ivelany na ny RMDM dispora. Matahotra ny tena diaspora ihany koa ny fitondrana, satria nambaran'izy ireo fa efa feno ny toerana, amin'ny ho fihaonana amin-dRajoelina amin'ity herinandro ity. Ankoatra izany, ambaran'izy ireo, fa gaboraraka ny fivoahana an'i Madagasikara, satria mbola mikatona ny sisintany amin'izao fotoana, nefa ahoana ny mpitondra sy ny mpiara-dia aminy, afaka mivoaka marobe toy izao, fa ny maro an'isa ihany no fehezin'izy ireo eto.

Niaina

Diaspora fôpla, hoy ireo Malagasy monina any ivelany, miara-dia amin'ny mpanohitra aty Madagasikara na RMDM dispora.

TONONKALO

Aiza izay hoe fitsitsiana ?

Aiza ho aiza izany izao ilay politikam-pitsitsiana ?
(Ny eny ambony, tsy modely ny amin`izay atao rehetra !)
Ny vahoaka hatrany ve no hilanja ny hazo fijaliana,
Ianareo dia tsy hihafy fa vao mainka koa hiletra ?

Izao "ny atao"' sy "ny tenenina" , mifanohitra eny foana.
(Ny vahoaka anie tsy adala fa ny teninao tadidiny !)
Fidedahana hatrany no andaniana ny fotoana ?
Tena fako ve `zahay ka dia atao tsy misy vidiny ?

Aiza ho aiza izany izao ilay politikam-pitsitsiana,
Raha nanendry ireo minisitra izay voalaza ho mahay?
Mahagaga mantsy ny isany fa vao mainka koa nampiana.
Sa rehefa voky ireo dia mba handrezatra izahay ?

Ny manara-penitrao dia teny fandaniam-potoana.
(Toy ny tsy ao an-dapa ianao fa mbola an-trano fandihizana!)
Tsy salegy no ilaina, handroso mihemotra eny foana.
Mila vatsy , mila tohana ireo vahoaka f`efa vizana!

Andronao mpitondra angamba raha ny omaly sy ny anio,
Ka dia miliba ianao , mandany , tsy misaina izay ho farany!
Saingy raha ny ampitso kosa dia tsy anao fa tadidio,
Ireo nampahantraina mantsy mbola manana ny hambarany !

IRINA HO TAFITA (19-08-21)